

ALAHADY 18 APR 2021

Hebreo 2. Azo lazaina hoe ny fiainantsika, ary tsy ny antsika malagasy ihany, fa ny fiainana ety an-tany, noho ny valan'aretna, dia fiaianana eo ambany aloky ny fahafatesana ry havana ô. Fiaianana eo ambany aloky ny fahafatesana. Dia anatin'izany an, omen'ny Tompo antsika ity texte ity, ary ny hafatra dia izao : **RAHA HO TONGA NY FAHAFATESANAO, AO ANATIN'IZAO CORONA IZAO, NA AFAKA 70 TAONA : FIHAONANA AMIN'ANDRIAMANITRA VE IZANY FAHAFATESANAO IZANY SA FIHAONANA AMIN'NY DEVOLY ? HO FIHAONANA AMIN'ANDRIAMANITRA VE NY FAHAFATESANAO RAHATTRIZAY TONGA RY HAVANA, SA HO FIHAONANA AMIN'NY DEVOLY ?** Na izay fotsiny ary no tadidinao ny toriteny androany : efa fampieritreretana anao izany amin'ny androm-piaiananao rehetra ; ary sambatra ianao raha iasan'ny Fanahy Masina ka reseny lahatra hoe : « tsy tiako ho fihaonana amin'ny devoly izany hoe fahafatesako izany, fa araka ny tenin'i Isaia teo, Tompo ô, ampianaro ahy, ampianaro ahy amin'izay ny lalana tokony alehako fa tena vonona aho, tena vonona aho, tena vonona aho ampianarina sy hihaino amin'izay. Izay izany ilay hafatra, hoe : **SAO DIA FIHAONANA AMIN'NY DEVOLY NY FAHAFATESANAO RAHATTRIZAY TONGA ?**

Ny **Fahamarinana 1** omen'ny Tompo antsika ry havana, dia izao : **FANTARO FA NY FAHAFATESAN'NY TENA DIA EFA NORESEN'I JESOA**

Andeha jerentsika **Hebreo 2 : 14-15** : « **Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza (isika izany), dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin' ny fahafatesana ilay manana ny herin' ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiaianany rehetra tamin' ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana** ». ».

Tsarovy e, fa efa noresen'i Jesoa tao amin'nynofony sy ny ràny io fahfatesana tsy maintsy andalovan'ny nofontsiaka sy ny ràntsika io ry havana ô. Averina amintsika indray izay. Ny fiheverana ry havana, sy ny fahatsiarovana ny fahafatesana,

dia tena hoe zavatra manahirana ny olombelona hattrizay nahabolombelona azy. Zavatra manahirana, zavatra mampatahotra azy izany momba ny fahafatesana izany ; ary izany eritreritra momba ny fahafatesnaa izany dia tena miraikitra ao amin'ny fon'ny olombelona na iza izy na iza. Ary rehefa mihaino ireny mpandinika fivavahana, historiens des religions ireny, dia mahafinaritra ny zavatra teneniny, hoe : ny fivavahana lehibe rehetra maneran-tany, hattrizay nisian'ny fivavahana, dia hoe zavatra tokana, zavatra tokana no imasoany ; n'inon'inona fomba hanononany azy, ary n'inon'inona fomba iatrehany azy, zavatra tokana no ifantohan'ny fivavahana rehetra, dia ny ota ry havana, ny ota. Ary misaotra an'Andriamanitra isika, hoe : isika ato amin'ny Baiboly, isika ato amin'ity epistily ho an'ny Hebreo ity : manana ny tenin'ny fahamarinana mikasika ny fahafatesana, mikasika ny fahotana, satria ity Boky iray manontolo ity, dia zavatra tokana : « ahoana no hamonjena ny olona amin'ny fahotana ? » Inona no ataon'i Jesoa ry havana ? Mahita Izy hoe satana manana ny herin'ny fahafatesana, hoy ny **and.14.** Fa maninona moa ny devoly no manana ny herin'ny fahafatesana ? Ny devoly, araka ny fantatsika no mitarika ny olona hanota. Dia rehefa manota ny olona : fahafatesana no tambin'ny ota. Raha fintinina izany, dia hoe : izay io devoly manana ny herin'ny fahafatesana io. Dia izao : tsotra be ilay izy : nahita an'izany Jesoa : tsy nandresy ny devoly avy any an-danitra Izy ry havana ô, tsy nandidy ny devoly avy any an-danitra Izy, fa no-défié-ny tety an-tany. Satria nofo sy rà no vonjena, dia nitafy nofo sy rà Izy, nanaiky sedrain'ny devoly tamin'ny alalan'ny fahafatesana Izy ry havana ô. Izay ilay izy. Ringana ny herin'ny fahafatesana ry havana. Ringana ny herin'ny fahafatesana.

Tsy midika izany hoe tsy misy intsony ny fahafatesana. Tsy midika izany hoe tsy manao ny ataony intsony ny devoly. Fa tsy manana fahefana amintsika intsony, na ny fahafatesana, na ny devoly. Tsy manana fahefana haninona ? Hamindra antsika ho any amin'ny fahaverezana mandrakizay e. Ny fahafatesana tsy maintsy hisy foana, fa ilay baraingo dia hoe : fahafatesana ho

tetezamita mankaiza io ? Mankany an-danitra sa mankany amin'ny helo ry havana ? Ary tonga Jesoa handringana ny devoly. Izay mihitsy ilay izy : handringana amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana. Tonga Izy handringana ny devoly ry havana ô. Ary tonga Izy hanafaka antsika amin'izany hoe andevozin'ny tahotry ny fahafatesana izany.

Ny devoly sady manana ny herin'ny fahafatesana ; ny devoly sady mpampatahotra. Andriamanitra tsy mpampatahotra izany ry havana. Fa devoly io mampatahotra antsika io, dia misy olona lazain'ny Epistily ho an'ny Hebreo, hoe : ny fiainany manontolo dia ao anaty tahotry ny fahafatesana : « aleo manao an'izao ka », « aleo tsy manao an'izao ka », « aza manota fady eo ka », « ny fomban-drazantsika ohatran'izao ka ». Hatramintsika kristiana, ny Alahady maraina ohatran'izao : « aza mankany am-piangonana any », « aoka izay mihitsy aloha io fivoriam-bavaka io ka ». Izany ny olona attaqué-n'ny devoly izany. Izany ny olona miaina ao anaty ny tahotry ny fahafatesana ary andevozin'ny tahotry ny fahafatesana ry havana ô. Tenin'ilay nandringana ilay manana ny herin'ny fahafatesana izany teny izany ry havana ô. Ary inona no nahatonga Azy ho faty ? Handringana ny herin'ny fahafatesana, handringana ny devoly ; hahatonga Azy ho faty Izy, ary nitsangana tamin'ny maty Izy mba hanafaka ahy amin'ny fahotako. Fa ny fahotako, araka ilay teny teo, ny fahotako no ananan'ny devoly hery amiko, no ananan'ny devoly hery amin'ny fahafatesana ka ampidirany ahy any amin'ny fahafatesana sy ny fahaverezana mandrakizay.

Ovay ny fijerinao ny fahafatesana ry havana ô. Aza matahotra fadiranovana ohatran'io intsony izany hoe fahafatesan'ny tena izany. Fa raha matahotra fadiranovana ny fahafatesan'ny tena ianao, milaza aminao aho, fa rehefa maty aterina eto ianao : manana rendez-vous amin'ny devoly ianao.

Efa ringana io. Efa ringana ilay manana ny herin'io. Rehefa tsy mino an'izany ianao : manana rendez-vous amin'ny devoly ianao amin'ny andro hahafatesanao. Fa ny atao fotsiny dia

hoe : tohero ny fahotana, fa izany no nahafatesan'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana.

Izay ny Fahamarinana 1 : NY FAHAFATESANA EFA RESY – AZA MATAHOTRA NY FAHAFATESAN'NY TENA TAHAKA AN'IO INTSONY

Ny Fahamarinana 2 dia izao : MANAMBARA NY TENANY I JESOA HO MPISORONABE, MPISORONABE NANATANTERAKA TAMIN'IZANY FAHAFATESANA IZANY, FANAVOTANA HO ANTSIKA

Andeha ange vakiantsika ny and.16-17 e : « Fa hita marina ftsy anjely no vonjeny, fa ny taranak' i Abrahama no vonjeny. Koa amin' izany dia miendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin' ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin' Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona ».

Ilay Fahamarinana 1 izany dia hoe : AZA MATAHOTRA NY FAHAFATESAN'NY TENA INTSONY FA EFA RESIN'I JESOA. Izay ilay izy. Ny Fahamarinana 2 ry havana, ho an'ny olona izay tsy te hanana rendez-vous amin'ny devoly amin'ny andro hahafatesany, dia mahafantatra izy, mitahiry ao an-tsainy izy hoe : JESOA MPISORONABE NANA0 FANAVOTANA NOHO NY HELOKO.

Inona moa no dikan'izany ? Eo ny tahotry ny fahafatesana satria n'inon'inona ezaka nataon'ny olombelona dia hoe nanjavozavo ny momba izay ao ambadiky ny fahafatesana, ny momba izay ao ambadiky ny fasana. Ary na dia tao amin'ny Testamenta Taloha aza, olom-bitsy tahaka an'ireny hoe Abrahama ireny, tahaka an'i Davida no tena nino marina ny fisian'izany fitsanganan'ny tena amin'ny maty izany. Ho an'ny sasany an : nanjavozavo izany. Dia izay fanjavozavoana izay no manampy trotraka an'ilay tahotry ny fahafatesana. Fa efa resy iny fahafatesana iny.

Fa inona ny zavatra ambara eto ry havana ? Hoe : io Jesoa nandringana ny herin'ny devoly io, dia Mpisoronabe nanao fanavotana noho ny heloko. Izany io Jesoa io. Satria ilay tahotr'ilay fahafatesana : tahotr'izay ao ambadika manjavozavo

araka izay notenenina teo ; fa tahotra ihany koa hifanojo amin'izany fahatezeran'Andriamanitra izany. Izany no ambaran'ny Baiboly ry havana. Ary Jesoa tao anatin'ilay asa nanirahan'Andriamanitra Azy, nanao asa-na Mpisoronabe nanao fanavotana noho ny heloky ny olona.

Zavatra 2 ry havana no tondron'ilay teny hoe « fanavotana » io ao amin'ny Soratra Masina :

– Ilay hoe « fanavotana » dia hoe « fanefànà vidin-keloka », mi- « expier » izy amin'ny teny frantsay. Nanefa vidin-keloka : izany no nataon'i Jesoa. Ary amin'ny fomban-drazana koa ange misy an'izany hoe sorona ho fanefànà vidin-keloka izany e. Misy an'izany daholo hatraiza hatraiza. Fa izay no nataon'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana : nanefa vidin-keloka Izy.

– Ary faharoa, Izy miteny hoe nanao fanavotana noho ny heloko io, dia hoe : nanao « sorona fampiononam-pahatezerana », fampiononana ny fahatezeran'Andriamanitra. Azonareo an-tsaina moa izany ry havana ireny hoe système religieux ireny e ? Tena mino andriamanitra izy, mino an'izao sy izao sy izao izy ; tsy mahafantatra izy hoe mila manefa vidin-keloka ary ny ràn'i Jesoa ihany no fanefànà vidin-keloka eken'Andriamanitra, mila mampionona ny fahatezeran'Andriamanitra ary ny rà nalatsaka teo amin'ny hazo fijaliana ihany, izay ihany, tsy ràn'olombelona, tsy rà-na biby ; izay ihany no mampitony ny fahatezeran'Andriamanitra.

Misaotra an'Andriamanitra ry havana ô, ny amin'ny ahazoantsika mifampahatsiahy an'izany amin'izao maraina izao.

Ary izao : Izy izay nankeo amin'ny hazo fijaliana teo ry havana, nanefa vidin-keloka, nampionona fahatezerana ; ho an'ny olona izay manaiky an'izany, ho an'ny olona izay midera an'Andriamanitra noho izany, fa tsy mianatra katekisma an'izany fotsiny, dia avaozin'Andriamanitra izy, omeny toetra vaovao handavana amin'izay ny fahotana sy ny heloka ry havana

ô.

Ahoana moa izany ny amin'ity fahamarinana 2 ity raha hoe ampiarina amin'ny olona izay tena hoe tsy te hanana rendez-vous amin'ny devoly rahatrizay aterina eto? Ny fiainako, ny fiainako dia hoe : efa nalamin'io Mpisoronabe io momba ny fifandraisako amin'Andriamanitra. Tsy misy fahatezerana mihatra amiko intsony avy amin'Andriamanitra noho ny heloko. Ary tsaroako izany ao amin'ny fiainako andavan'andro ; ary atomboko ao amin'ny ankohonako ry havana : rehefa misy zavatra hoe tenenin'ny vadiko na tenenin'ny zanako, na tenenin'ny mpiara-monina amiko tena hoe faran'izay manafintohina, faran'izay maha-tezittra, satria nanao ny tsy fiteny, nanao ny tsy fanao izy, mahatsiaro hoe : izaho koa teo amin'Andriamanitra iharana fahatezerana tsy azo ivalozana tahak'izany, nefo nirahany i Jesoa Mpisoronabe ho fanavotana, vidin-keloka, fampiononam-pahatezerana ho ahy teo amin'ny hazo fijaliana. Izany ry havana ô, occasion ny zavatra rehetra manafintohina anao ahatsiarovanao hoe ianao indrindra ilay nanafintohina an'Andriamanitra iny, ka voatery nandefasany an'i Jesoa Mpisoronabe hanao fanavotana anao noho ny helokao. Rehefa avotra aho noho ny heloko ry havana, rehefa aterina eto aho, na afaka adiny iray, na afaka 100 taona : rendez-vous amin'Andriamanitra izany fa tsy rendez-vous amin'ny devoly.

Ny **Fahamarinana 3** farany dia izao : Jesoa ry havana, Mpisoronabe, araka ny nolazaina tery amin'ny **and.17** tery. Nanao fanavotana Izy, nolazaina teo hoe : nanefa vidin-keloka, nampionona fahatezerana ary nanome toetra vaovao. Dia fahatelo farany : **JESOA MPISORONABE MAMONJY AHY AMIN'NY FAKAM-PANAHIKO REHETRA.**

Andeha ange vakantsika ny **and.18** e : « **Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin' ny fahorianana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy** ». Mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy.

Satria izaho mitafy nofo sy rà, dia Izy koa mitafy nofo sy rà

ry havana : fantany tsara izay momba ahy, fantany e, fantany ny fiainako, fantany ny fisainako, fantany ny eritreritro, fantany ny adim-panahiko, fantany ny fahalemeko. Satria mitafy nofo aman-drà Izy. Fa maninona Izy no lazaina hoe Mpisoronabe ? Ilay Mpisoronabe dia ilay maha-Andriamanitra Azy ry havana. Ilay maha-Andriamanitra Azy nanao fanavotana ny heloko, izay voalaza teo. Tsy voalaza androany, fa nataon'i Jesoa koa, amin'ny maha-Mpisoronabe Azy, amin'ny maha-Mpamonjy Azy : ankehitriny Izy dia eo an-kavanana'Andriamanitra miaro ahy, mifona ho ahy. Fa tsy ampy izay ry havana, tsy ampy izay filazana an'i Jesoa izay. Ilay Mpisoronabe io, ankehitriny, mbola te hoe hanampy ahy, hamonjy ahy amin'ny fakam-panahiko rehetra. Izany, izany no maha tsy manam-paharoa an'i Jesoa ry havana ô. Ny maha-Andriamanitra Mpisoronabe Azy dia hoe : afaka manatrika ahy Izy na aiza na aiza misy ahy. Ny hoe maha mitafy nofo sy rà Azy dia hoe : mahafantatry ahy nofo sy rà Izy ry havana ô. Hany ka hoe, rehefa tojo amiko ny fakam-panahy, Izy tonga dia mahita koa ry havana ô. Ary tsy hoe mahita fe mahita Izy, fa mahita Izy dia miara-ory amiko ; tsy hoe mahita fe mahita Izy, fa mahita Izy dia miomana hamonjy ahy raha miantso vonjy aho ry havana ô. Fa izaho no tsy miantso vonjy, ianao no tsy miantso vonjy, dia tahak'izany ny finoantsika ry havana.

Fa ny zavatra tadiavin'io Mpisoronabe io ry havana, satria velona mandrakizay Izy, ary manatrika antsika Izy, dia izao : ao anatin'ny fakam-panahy, araraoty io fakam-panahy io ho occasion itenenanao amin'i Jesoa Mpisoronabe hoe : « Jesoa an, eo moa ianao e, manatrika ahy moa Ianao e ». Izany ry havana, izany ny commencement du commencement : « eo moa Ianao e ». Ary faharoa : « Eo Ianao, tovy amiko ny teninao, tovy amiko ny teninao hoe : vonjeo aho fa lehibe lavitra noho io fakam-panahy izay ampandalovanao ahy io Ianao Jesoa an ». Raha lavo ianao, raha lavo tsy nahy ianao, io Mpisoronabe izay nandatsaka ny ràny io hamindra fo aminao, hamela ny helokao, hanangana anao ary hampandeha anao indray amin'ny fanarahana Azy. Izany ny fiainana andrasany amintsika ry havana ô. Ary

rehefa izany ny finoantsika, hoe : voalohany, efa resy teo amin'ny hazo fijaliana ilay devoly manana ny herin'ny fahafatesan'ny tena ; faharoa, Mpisoronabe nanatanteraka fanavotana noho ny helotsika Izy ; ary fahatelo, Mpisoronabe velona mandrakizay any an-danitra Izy, mifona ho antsika, fa any an-danitra Izy manatrika antsika ety an-tany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Azo antoka tanteraka, fa n'inon'inona circonference-piaianana, na rahoviana na rahoviana hitrangan'izany : ny fahafatesan'ny tenantsika ry havana ô, dia rendez-vous amin'Andriamanitra fa tsy rendez-vous amin'ny devoly.

Ho aminao ny fahasooavan'ny Tompo. Safidinao manokana izany.
Amena